

A MIKATSAKA FIRAISANA. Galatiana 2:1-3; Asa 15.

- ❖ Ireo Jodaista izay tonga tany Antiokia dia niady hevitra mafy tamin'i Paoly sy Barnabasy.
- ❖ Ary dia nasehon'Andriamanitra azy ireo fa tokony handeha hiakatra ho any Jerosalema hitondra izany ady hevitra izany amin'ny apostoly sy ireo loholona i Paoly, sy Barnabasy ary ny Jentilisa mpino sasany.
- ❖ Natao mangingina ny fihaonana. Kanefa, ireo Fariseo Jodaista dia nanomboka nitarika ady hevitra imasom-bahoaka (Asa 15:4-5).
- ❖ Taorian'ny fifanakalozan-kevitra maharitra, dia nanohana an'i Paoly ny Fiangonana ary tafaverina nandritra ny fotoana maharitraritra ny firaisana.

B RAHALAHY SANDOKA. Galatiana 2:4-5.

- ❖ Ny famorana ivelany dia tandindon'ny asa fanavotana ataon'Andriamanitra amin'ny fanahin'ny mpanota (Deot. 10:16, 30:6, Jer. 4:4, Rom. 2:29). Izany koa dia maneho ny fahafatesan'ny fatokian-tenantsika sy ny fiankinana feno fahatokiana amin'Andriamanitra.
- ❖ Manao ny fomba amam-panao iray ho fitakiana ho amin'ny famonjena dia fandavana ny hery manavotra avy amin'ny sorona nataon'i Kristy.
- ❖ Ny fampianaran'ireo rahalahy sandoka dia niezaka nanova ny "fahafahantsika izay ananantsika ao amin'i Kristy Jesosy" ho amin'ny fanandevozana. Inona no atao hoe "fahafahana ao amin'i Kristy"? (Jaona 8:33-34; Romana 6:17).
- ❖ Ho an'ny Kristiana, ny fahafahana dia tombotsoa ahafahana miaina fiainana feno fitiavana sy fahatokiana amin'Andriamanitra. Izany fahafahana izany dia mahafaoka ny fahafahana avy amin'ny fanandevozan'ny fahotana, fahafahana avy amin'ny fanamelohan'ny fandikan-dalàna, ary fahafahana avy amin'ny herin'ny fahafatesana.

D FIRAISANA AO ANATY NY FAHASAMIHAFANA. Galatiana 2:6-10.

- ❖ Manana fototra ara-baiboly matanjaka ny Jiosy, ka mora ho azy ireo ny manaiky an'i Jesosy ho Mesia satria nahatanteraka ny zavatra rehetra voambara ao amin'ny Teny Izy. Nankinina tamin'i Petera izany asa fanompoana izany.
- ❖ Voamana hanatratra ireo izay tsy nahalala ny fahamarinana teo aloha i Paoly. Nankinina taminy ny asa fanompoana ho an'ny Jentilisa.
- ❖ Nampiasa fomba samihafa i Paoly, sy Petera ary ireo apostoly hafa, fa mitovy ny hafatra nentiny.

E FIFANDIRANA TANY ANTIOKIA. Galatiana 2:11-13.

- ❖ Naneho fahitana an'i Petera Andriamanitra, ka nitsahatra nandray ny Jentilisa ho tsy madio intsony izy ary nanomboka nifangaroharo tamin'ireo (Asa 10). Izany no nananany fahasahiana hiara-hiaina tamin'ny Jentilisa rehefa namangy ny Fiangonana tany Antiokia izy.
- ❖ Kanefa, rehefa tonga ny Jiosy sasany avy tany Jerosalema, dia nitsahatra nifangaroharo tamin'ny Jentilisa izy mba hahazo sitraka amin'ireo Jiosy ireo. Io fitondran-tenany feno fihatsarambelatsihy io dia nisy fiatraikany tany amin'ny Jiosy hafa tao amin'ny Fiangonana.

F MIATRIKA FIFANDIRANA. Galatiana 2:14.

- ❖ Tsy ny fiarahan'i Petera nihinana tamin'ny Jiosy avy tany Jerosalema no tena olana eto, fa izy ninia nihatakataka tamin'ny Jentilisa sy tsy namelany azy ireo hiara-mihinana amin'ny Jiosy.
- ❖ Nampisy fanontaniana izany fihetsika nataony izany, Kristiana ambany laharana ve ny Jentilisa?
- ❖ Ireo Jentilisa mora tohina indrindra dia nihevitra fa tokony ho tonga Jiosy izy ireo fa ho tonga Kristiana (manaiky ny fampianaran'ireo rahalahy sandoka).
- ❖ Tena nilaina ny fifanatrehana nataon'i Paoly sady nazava tsara. Tsy voarakitra ao anaty Baiboly ny valitenin'i Petera, kanefa mazava tsara fa nanaiky ny antson'i Paoly izy ary nanova ny fihetsiny.
- ❖ Nandresy ny firaisan'ny Fiangonana sy ny Filazantsara.